NY TRANGA TSY NAMPOIZINA SY TSY AZO EKENA HITA NANDRITRY NY FITSIDIHINA TETIKASA KARBÔNA “FIAROVANA” ALA HONKO TANY AMIN”NY FARITRA DIANA

Nanjary antony vaovao mahatonga ny fanaovana ampihimamba sy fangoronana tany eto Madagasikara ireo tetikasa mifandraika amin'ny tsenan'ny karbôna, izay miafina ao ambadiky ny fiarovan-tena mamitaka fa hoe manonitra ny famoahana etona karbôna sy hoe mandray anjara amin'ny fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro. Sahirantsaina sy manahy mafy momba ny fitomboan’ireo hetsika ireo ny Collectif TANY, ka nanomboka nanao fanadihadiana tany ifotony.
Ity lahatsoratra ity dia manolotra ny voka-pikarohana voalohany momba ny toerana telo mifandraika amin'ny tetikasa "Ma Honko" ao amin'ny faritra Diana, izay mifantoka amin'ny ala honko, ary tetikasa tantanan”ny orinasa Bôndy — orinasa iray izay efa voaresaka tao amin'ny fanambaranay teo aloha ny fisian'ny fananany mpiara-miombon’antoka iraisam-pirenena, sy ny fisian'ny tompon'anjara petra-bola ao aminy, izay tena mpanankarena dia mpanankarena. (1)

Ireo toerana notsidihina dia tao amin'ny kaominina Anjiabe (distrikan'i Ambilobe), Bobasakoa (distrikan'i Antsiranana II), ary Antranokarany (distrikan'i Ambanja).

Nandritry ireo dinidinika natao, dia nisy olana samihafa nasongadin’ny mponina sy nasehony maso ny mpanao fanadihadiana. Hasehon’ny sary ery ambany ny sasany amin’ireo olana ireo.

Ny toetoetra tena ratsy sy naha-ketraka misy ny ala honko sy ireo toerana fampitomboana zana-kazo, miampy ny fahasimban'ny tontolo iainana vokatry ny fanapahana hazo sy ny famokarana saribao—dia mahatezitra mafy ny vondrom-piarahamonina any an-toerana. Ireo olona nifanakalozana, eo aminy dimy ambin'ny folo isaky ny tanàna eo, dia samy naneho alahelo lalina noho ny tsy fahafahany mikarakara ireo ala honko ireo intsony. Nilaza izy ireo fa teo aloha, dia nandray anjara mavitrika tamin'ny fikojakojana sy fiarovana ireo ala honko ny mponina, na tamin’ny maha-olompirenena tsotra monina ao an-tanàna azy, na tao anivon’ny « Vondron’olona Ifotony » (V.O.I.) (2). Tamin'izany fotoana izany, naniry tsara ny hazo, ary namokatra harena anaty rano ny ala honko, izay nohanin'ny mponina na namidiny.

Tao Anjiabe sy Marosely no nahitana fahasimbana be indrindra. Tao Bobasakoa kosa, tena nampalahelo ny nahita ny fahavoazana nanjo ireo zana-kazo sy ny fahafatesan'ireo honko vao nambolena. Tao Anjiabe, hita mazava tsara sy niharihary ny fisian'ny hazo voakapa efa nivangongo fa vonona ho dorana, ny fitaterana hazo tamin'ny sarety ary ireo fatana saribao mbola nafana be.

Nahoana ny ala honko any amin'ireo toerana ireo, izay harena voajanahary sarobidy sady loharanon-tsakafo, sy fidiram-bola ary reharehan'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana, no rava, ringana, ary iharan'ny tsy fisiana fikarakaràna ankehitriny, rehefa lasa eo ambany fitantanana ofisialin'ny orinasa Bôndy?

Nahoana ny orinasa, izay mirehareha fa te hiaro ireo "tontolo iainana miavaka miaro ny morontsirakan-tsika" ireo, no mamela ireo zana-kazo hikoroso fahana sy ho faty? Maninona izy no mamela malalaka ny fanapahana hazo, izay taterina amin'ny sarety farafahakeliny indray mandeha isan'andro? Ary nahoana izy no manome alalana ny fisian'ny fatana saribao eo afovoan'ny ala honko?

Misy vaovao azo tany an-toerana izay tena nahagaga. Tao amin'ny iray amin'ireo tanàna notsidihina, tsy nisy naniry sy velona mihitsy ireo zana-kazo honko nambolena. Araka ny fanazavan'ny mponina, dia tsy nety mihitsy ny fotoana nofidian'ny orinasa hanaovana ny fambolena. Nilaza izy ireo fa efa nampahafantatra izany tamin'ireo solontenan'ny orinasa, saingy tsy nety nihaino azy ireto olona fa nanohy ny asa fambolena ihany.

Manoloana ny fiparitahan'ny loza ara-tontolo iainana tany amin'ny toerana maro samihafa, dia sarotra ny handray ny zava-nisy ho tranga sendra nanivaka. Ka nisy vinavina maromaro nipoitra momba ny antony mahatonga ireo zava-mitranga mampivarahontsana ireo nandritra ny fifanakalozan-kevitra, sy momba ny antony amelan'ny orinasa hitohy izao toe-javatra tsy azo ekena izao. Amin'ity zava-misy manokana ity aloha, dia tsy afaka hieritreritra fa tsy fahampiana ara-bola no olana satria tena manambe ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa Bôndy.

<u>Fanamarihana 1</u> : Fampahatsiahivana ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny orinasa Bôndy sy ny zavatra nolazainy.

" Ny ala honko dia anisan'ny heverina fa zavaboary mahomby indrindra amin'ny fangejana sy fitahirizana karbôna, satria mitahiry fatra lehibe amin'ny gazy karbônika (CO_2) ao anatin'ny zavamananaina ao aminy sy ny tany amorontsiraka. Harena voajanahary izy ireo, izay, ankoatra ny anjara asany amin'ny fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro sy ny ady amin'ny fiakaran'ny maripanan'ny tany, dia miaro ny morontsiraka tsy ho simban'ny fikaohana, mandray anjara amin'ny fiarovana ny toeram-ponenana voajanahary, ary miteraka fandrosoana ara-toekarena ho an'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana amin'ny alalan'ny hetsika toy ny fikarakarana zana-kazo, fambolen-kazo, jono ary fiompiana tantely.

Taorian'ny dingana voalohany, tamin'ny volana Desambra 2025, dia hiditra amin'ny dingana vaovao amin'ny fandrosoany ny tetikasa. Ity hetsika ity dia tafiditra ao anatin'ny paikadin'ny Mundys Group momba ny fampandrosoana maharitra sy ny fampihenana ny famoahana karbôna, izay tarihin'ny Tale Jeneraliny, Andrea Mangoni. Ny velaran-tany voakasika dia hitatra avy amin'ny 500 hekitara ka ho lasa maherin'ny 2.400 hekitara, ary hahatratra hatrany amin"ny faritra avaratr'i Madagasikara [...]

Toy izao ny hevitra notsindrian'i Alessandro Benetton, Filohan'ny Mundys. "Amin'ny alalan'i Neya, dia mamolavola tetikasa mitondra zava-baovao vao noforonina mikasika ny fisamborana karbônina sy ny fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro izahay ato amin'ny Mundys, [...].

Ary, noho ny fampiasana teknolojia avo lenta, dia miasa izahay mba hampihenana ny "dian-tongotra ekôlôjika" ankapobeny eran-tany, hanatsarana ny kalitaon'ny fiainan'ny vondrom-piarahamonina any an-toerana, ary hitsimbinana ny zavamananaina samihafa satria aminay, ny fahafahana mihetsika sy mivoatra amin'ny fomba maharitra, dia tsy mijanona fotsiny eo amin'ny teknolojia sy fotodrafitr'asa."

Loharanom-baovao: <u>https://www.ilgiornale.it/news/ambiente/in-madagascar-cresce-la-foresta-che-cattura-tonnellate-di-co2/</u> sy <u>https://farmlandgrab.org/post/33616-a-madagascar-une-foret-capable-de-capturer-des-tonnes-de-co-prend-de-l-ampleur</u>. Dikan-teny malagasy nataon'ny Collectif TANY

Misy fanontaniana hafa manitikitika ny saina: ao anatin'ny fanehoan-kevitra iray tao amin'ny pejy Facebook-n'ny orinasa Bôndy tamin'ny 26 Jolay 2025, dia voalaza fa taorian'ny fanaraha-maso (audit) nataon'ny Earthood vao

aingana, dia nanao dingana lehibe ny tetikasa Ma Honko sady nahazo fankasitrahana matanjaka eo amin’ny hanohizana ny ezaka famerenana amin'ny laoniny ny ala honko. Fa inona marina moa izany no votoatin’ny asa ataon'ireo mpanara-maso (audit) ny orinasa ? Ankoatr’izay, araka ny soratra iray hita mahakasika ny tetikasa, dia tokony ho nisy fitsidihan'ireo mpanara-maso tany an-toerana tamin’ny fiandohan’ny volana Oktobra 2026 teo; kanefa, asa raha nahemotra io fitiliana io, satria nolazain’ny mponina fa tsy mbola nisy izany tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo mpanao fanadihadiana namanay tany an-toerana tamin'ny faran'ny volana Oktobra.

Sary nalaina tany amin’ny toerana misy ny tetikasa Ma Honko ny 18 ka hatraminy 25 oktobra 2026











Ny olana nisongadina faharoa, hita tany amin’ny toerana telo, dia ny **tsy fahafahan’ny VOI (2) – izay nanana fifanarahana momba ny Famindrana ny Fitantanana ny Harena Voajanahary Azo havaozina (TGRN) tamin’ny kaominina misy azy avy, nanavao izany fifanarahana izany tamin’ny taona 2025**. Notohanan’ny WWF io fahazoana TGRN nandritry ny taona 2023-2024 io.

Ohatra, 2.000 hekitara izao no ala honko ao amin’ny Kaominina Andranokarany, tantanan'ny Bôndy ankehitriny ary mandritry ny 30 taona hono araky ny fifanarahana; tafiditra anatin’izany ny 250 hekitara ao amin'ny fokontany Antrema. Ao anatin'ny kaominina Bobasakoa dia azon’i Bôndy ny fitantanana velaran-tany mirefy 1.800 hekitara ao amin’ny fokontany Ambolipamba. Ao amin'ny kaominina Anjiabe, izay tsy nahazo fanavaozana ny fifanarahana ny fahafahany mitantana ny harena voajanahary ny VOI, fokontany 4 amin’ireo fokontany 7 no ahitana ala honko, ka velaran-tany maherin'ny 2.000 hekitara no eo ambany fitantanan’ny orinasa Bôndy amin’izao fotoana izao.

Saingy, tsy misy tena mikarakara ireo ala honko ireo, ary ny fomba amelan’ireo manampahefana any an-toerana ny toe-javatra hikoroso fahana dia tena tsy azon'ireo mpiaro ny tontolo iainana sy ny lova voajanahary ekena.

Ny fandavan'ny Ben'ny tanàna sasany ny fanavaozana ny fifanarahana momba ny famindrana fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina tamin'ireo fikambanana eo an-toerana (VOI) dia niteraka ahiahy teo amin'ireo fikambanana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena, nandritra ny fotoana nitazonan’ny mpiandraikitra ny orinasa Bôndy ny toeran'ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra teto Madagasikara. Izany fifanandrifian-javatra izany dia mampametra-panontaniana momba ny mety hisian'ny fifandonan'ny tombontsoa (conflit d”intérêts) sy ny antony hahatonga ireo Ben'ny tanàna ho dodona hiditra amin'ny fifanarahana amin'ny orinasa Bôndy, na dia efa misy aza ny fifanarahana momba ny famindrana fitantanana efa nifanaovana tamin'ireo fikambanana eo an-toerana.
Nisy tanàna izay nandà tsy hiara-hiasa tamin'ny orinasa Bôndy ny mponina ao aminy. Tao amin’ny tanàna iray nahafahan'io orinasa io nanao fifanarahana tamin'ny kaominina kosa, dia nilaza ny mponina fa nanana ahiahy avy hatrany satria ireo faritra misy ala honko nokendren'ny orinasa Bôndy ho azo ireo dia efa nisy tetikasa fambolena hazo nataon’ny WWF tamin'ny taona 2016. Ny vokatr’izany ankehitriny dia misy zana-kazo honko ambolena eo anelanelan'ireo hazo efa lehibe sy efa avo tsara.

Farany, ny teboka iray misongadina nipoitra avy amin'ny fitantaran'ny mponina ny zava-misy eo an-toerana dia ny **tsy firaharahian'ny orinasa Bôndy ireo vondrom-piarahamonina ao an-toerana**. Raha ny fahitana ny fihetsiky ny mpiasa sy ny solontenan'ny orinasa, na nandritra ny fifampiraharahana na tamin'ireo zava-nitranga teo amin’ny fiainana taorian’izany, dia manampahefana vitsivitsy ihany no tsapa fa heveriny ho manan-danja: ny Ben'ny tanàna, ny Talem-paritry ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy Fampandrosoana Maharitra, ary ny solontenan'io Minisitera io eo anivon'ny distrika (izay antsoina hoe “chef cantonnement”).

Inona avy ireo tombontsoa azon’ny vondrom-piarahamonina—izay voalaza fa hahazo fiainana tsaratsara kokoa noho ny fisian’ny tetikasa momba ny crédit carbone?

Araky ny nambaran’ny olona maro nandray anjara tamin’ny fanadihadiana, dia marobe ireo tombontsoa nampanantenaina ny vondrom-piarahamonina any anatin’ny fifanarahana, toy ny fanamboarana sekoly sy tobim-pahasalamana, ary fanatsaràna ny fahazoana rano fisotro madio ohatra, saingy hatreto ny zavatra tena voaray avy amin’ny orinasa dia tsy nisy afa-tsy jiro roa fametraka eny an-dalana (lampadaires) ao amin'ny tanàna iray, ary jiro enina kosa ao amin'ny tanàna iray hafa.

Ankoatr’izay, rehefa miasa ao amin'ny toeram-pambolena honko ny mponina, dia mahazo karama 10 000 Ariary isan'andro (eo amin'ny 2 Euros eo ho eo) saingy tsy maharitra afa-tsy 3 na 4 andro monja izany asa izany, ary misy elanelam-potoana lava be vao misy asa indray amin'ny volana manaraka. Fanampin'izany, nisy nilaza ny mponina fa matetika tara ny fandoavana an'io karama io.

Satria kely sy bitika ny tombony ara-bola azon'ny vondrom-piarahamonina, ary voafetra dia voafetra ny tombontsoa azon'ny fianakaviana tsirairay avy amin'ireo jiro vitsivitsy napetraka eny an-dalambe, dia mazava loatra fa mirona ho amin’ny hevitra mifanohitra amin'ny fanambarana nataon'ny orinasa Bôndy sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy malaza eo amin'ny firenena sy iraisam-pirenena, ny vokatry ny famakafakàna, raha lanjalanjaina ny fiantraikan’ny asany amin'ny kalitaon'ny fiainan'ny vondrom-piarahamonina amin’ny andaniny, ary ny fahasimbana sy fatiantoka goavana eo amin'ny tontolo iainana ary ny zavaboary sy mananaina eo amin’ny ankilany.

Fanamarihana 2 : **Fitaka ny filazàna fa hanalefaka ny kirizy ara-toetr’andro ny tsenan’ny karbôna**

Ireo mpanohana ity tsenan'ny karbôna ity dia mampiseho azy io ho vahaolana amin'ny krizy ara-toetrandro atrehin'izao tontolo izao. Raha ny marina anefa, dia tsy vahaolana mihitsy io manoloana ny olana misy ankehitriny. [...] Fintininy ho “fisian'ny gazy karbonika tafahoatra fotsiny" ny krizy ara-toetrandro—toy ny hoe izay no fototry ny olana. Raha ny marina anefa, dia lalina be noho izany ny olana ary mikasika ny rafitra famokarana mihitsy. Mba hamahana izany olana izany dia ilaina ny fanovana io rafitra io. Rehefa miresaka momba ny "karbôna" izy ireo, dia ny CO2, na dioxyde de carbone, no resahany. Tsy inona izany fa ny gazy avoaka vokatry ny fandoroana tafahoatra ireo solika fôsily toy ny solitany, ny entona, ary ny arintany. Ireo solika ireo dia ny indostria lehibe indrindra no mpampiasa azy, anisan'izany ny sehatry ny fitaterana an'habakabaka, ny indostrian’ny solitany, ary ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Iray amin'ireo fitaka lehibe indrindra ao anatin'ny tsenan'ny karbônina ny fiezahana handresy lahatra antsika fa ny gazy karbonika — izay navoaka betsaka dia betsaka — dia azo onerana amin'ny alalan'ny ala, na voly, any amin'ny firenena iray lavitra ny toerana nivoahan'io gazy io. Ohatra, orinasa alemà iray tena mandoto tontolo iainana mety hilaza fa manonitra ny fandotoana ataony amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fambolena hazo na ny fiarovana ala any amin'ny firenena iray, izay matetika any amin'ireo firenena any amin'ny "Atsimon’ny Tany" (Global South). Ity karazana fanonerana voalaza ity dia antsoina hoe "aotra ara-karbôna" (carbon neutrality). Fitaka anefa izany : mbola manohy mamoaka karbôna be dia be any amin'ny atmosfera ireo orinasa ireo, ary tsy manana fahafahana mitroka izany rehetra izany ny ala. Ny "crédits carbone" dia toy ny vola ampiasaina hividianana izany antsoina hoe "aotra ara-karbôna" izany. Amin'ny alalan'ny fividianana ireo crédits carbone ireo, ireo orinasa dia mamorona fifanakalozana eo amin'ny fandotoana ataony sy ny fiheverana fa ho trohin'ny ala na ny voly hazo izany fandotoana izany. Raha ny marina, tokony hantsoina hoe "crédits fandotoana" (pollution credits) ny crédits carbone, satria manome zo ho an'ireo orinasa ireo mba handoto ny tontolo iainana. Tsy kisendrasendra akory raha toa ka anisan'ireo mpividy crédits carbone lehibe indrindra ireo orinasa indostrialy goavana — toy ireo orinasa misahana ny solika, ny fitaterana an'habakabaka, na ny teknolojia — izay tena mandoto sy manimba ny tontolo iainana. Raha ny marina, tena mahay mampiasa ireo tetikasa momba ny karbôna ireo orinasa ireo, na ho fitaovana fampielezan-kevitra, na mba hanodinana ny sain'ny olona tsy hijery ny voka-dratsy aterany."

(WRM, Documentaire: **NON à REDD et aux marchér du carbone**, 2025)
(WRM, Rakitsary fanadihadiana: **TSIA ho an'ny REDD sy ny Tsenan'ny Karbôna**, 2025) Dikanteny malagasy nataon’ny Collectif TANY).

Mivantana amin’ireo rehetra tompon'andraikitra sy mpisehatra amin'ny resaka tontolo iainana sy fampandrosoana maharitra ao amin'ny faritra Diana sy manerana an'i Madagasikara izahay:

* Misy ve fanamarinana any ifotony, mahakasika ireo filazana mikasika ny tsenan'ny karbôna, indrindra fa avy amin’ireo milaza fa mitondra fanatsaràna ny fiarovana ny hazo sy ny tontolo iainana, anisan'izany ny ala honko ? sa kosa efa miparitaka be ireo loza ara-tontolo iainana tahaka ity voaresaka eto ity ?

* Mangataka ireo mpandray fanapaha-kevitra eto Madagasikara mba hampitsahatra ny fanolorana tany aman'arivona hekitara misy ala honko, sy tany natokana ho an'ny fambolen-kazo, ho an'ny orinasa eto an-toerana na avy any ivelany, orinasa izay hivarotra avy eo "crédits karbôna" ahafahan'ireo orinasa goavana maneran-tany manohy mandoto ny tontolo iainana sy mampitombo ny fiovan'ny toetrandro maneran-tany.

* Avelao ireo vondrom-piarahamonina eo an-toerana hitantana ny harena voajanahary ao anatin'ny faritra misy azy avy sady omeo fanohanana sy torolalana rehefa ilaina izany.

* Aoka re Tompoko i Madagasikara tsy avela ho lasa “Eldorado”, toerana higalabonan’ireo orinasa eto an-toerana sy avy amin’ny firenena eran-tany, - orinasa liana fatratra amin'ny vola an-tapitrisa-na euros sy dolara azo avy amin'ny fivarotana "crédits carbone” - sady manofa mora dia mora tany malagasy mirefy an'arivona hektara -, ka manala amin’ny vondrom-piarahamonina malagasy ny harena voajanahary sy ny zavamananaina samihafa izay iankinan'ny sakafony sy ny fiainany.

09 novambra 2026

Ny Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgaches - TANY
patrimoine.malagasy@gmail.com, https://terresmalgaches.info, Facebook : TANYterresmalgaches, X : @CollectifTany

Fisaorana sy fankasitrahana no atolotra ireo mpiara-miasa nandeha tany an-toerana nijery sy nihaino, naka sary sy feo, ary nampita izao tatitra maika izao.
Mankasitraka sy misaotra indrindra koa ny 11th Hour Project nanaiky nanome ny vatsy ara-bola nahafahana nanatanteraka ity asa ity.

Rakitra nisintonana hevitra

(1) https://terresmalgaches.info/collectif-tany-credit-carbone-madagascar-compensation-carbone-colonisation/

“Andriamatoa Andoniaina Max Fontaine, Ministry ny Tontoko Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra nandritry ny fitondràna Rajoelina, izay malaza ho nanorina ny orinasa Bôndy, dia raha ny marina, mpiara-nanorina. Ny Talen’ny Bôndy Iraisampirenena dia i Gabriel Tasso. I Alessandro Benetton, Filohan’ny Fitambaran’orinasa Edizione, dia tompon’ny 57%-n’ny petra-bolan’ny vondron’orinasa Mundys. Mundys no tompon’ny tetikasa Ma Honko, anarana entin’ny tetikasa “famerenana amin’ny laoniny ny ala honko... sy fangejàna karbôna” izay tanterahan’ny orinasa Bôndy”

(2) VOI : Ny Vondron’Olona Ifotony sy ny TGRN dia rafitra sy fomba fiasa fehezin’ny lalàna Gelose (laharana 96-025) mahakasika ny famindrana ny fitantanan’ny harena voajanahary azo havaozina fananan’ny Fanjakàna ho tantanan’ny Vondron’Olona Ifotony